# 1 Ny RENIFAMENO (RF) sy ny ZANA-PAMENO (ZP)

## TANJONA

Manavaka ny karazam-pameno ao amin'ny fehezanteny ary mampiasa izany arakaraka ny toerana misy azy.

## LESONA HOTADIDINA

**Ny Enti-milaza na EM** sy ny **Lazaina na L** no atao hoe anjara asa fototra ao anaty fehezanteny.

***Ny fehezanteny***

Ny fehezanteny dia andian-teny miatomboka amin'ny sora-baventy ary miafara amin'ny teboka, ahitana ny anjara asa EM sy L **ary maneho hevitra** feno sy mazava.

***Ohatra :*** Mila **mitandrina** (EM) isika amin'ny fihanaky **ny valan'aretina** (L).

***Ny Enti-milaza***

Ny Enti-milaza (EM) dia ny teny maneho ny asa na toetra na toe-javatra, manana ny anjara asa fototra, vakiana amin'ny lantom-peo miakatra ao anatin'ny fehezanteny.

*Ohatra :* Mila mitandrina isika amin'ny fihanaky ny valan'aretina.

→ Ny teny hoe « mitandrina » eto maneho asa noho izany dia izy no mitana ny anjara asa EM.

***Ny Lazaina***

Ny Lazaina (L) dia ilay teny maneho izay manatanteraka ny asa, ny toe-javatra na ny toetra ao anatin'ny fehezanteny.

***Ohatra :*** Mila mitandrina isika amin'ny fihanaky ny valan'aretina.

→ Ny teny hoe « ny valan'aretina » no maneho toe-javatra, noho izany dia izy no mitana ny anjara asa L.

***Ny Fameno***

Araka ny anarany dia teny mameno ny hevitry ny teny hafa ao anaty fehezanteny ny fameno. Mampahazava kokoa ny hevitra tiana ambara na manitatra na mampiorina ny fehezanteny ny fisian'ny fameno ao aminy. Ny fanesorana ny fameno sasany ao anaty fehezanteny dia mety tsy hampiova ny hevitry ny fehezanteny, misy anefa ireo fameno tsy azo alàna ao anaty fehezanteny satria mety tsy ho feno ny hevitra tiana ambara raha vao esorina ao izy.

***Ny karazana fameno***

*Roa ny karazana fameno dia ny :*

***Renifameno***

Fameno mameno hevitra ny Enti-milaza ny Renifameno na RF, noho izany dia mipetraka eo aorian'ny EM izy, manamafy hevitra ny fehezanteny izy noho izany dia ilaina mandrakariva ny fisiany.

Toetra iray ahafantarana ny RF ny ahafahana mamadika azy ho L

***Ohatra :*** **Mamono** **olona** maro ny valan'aretina ankehitriny.
**EM** **RF**

→ Mety avadika ho L izany ny teny hoe "olona"; noho izany RF no anjara asan'ny teny hoe "olona".

***Ny famadihana ny RF ho L***

Rehefa avadika ho L ny RF dia atao manomboka ny fehezanteny izy, manaraka azy ao ny kianteny "no", avy eo ny EM miova endrika.

***Ohatra :*** Mamono olona maro ny valan'aretina ankehitriny.

→ **Olona maro** **no** **vonoin'** **ny valan'aretina ankehitriny**.
**L** **kianteny** **EM miova endrika** **L teo aloha lasa RF**

***Zana-pameno***

Fameno mameno ny hevitry ny L ny Zana-pameno na ZP, mety mameno ny hevitry ny RF ihany koa izy, izany hoe famenon'ny fameno ary raha esorina ao anaty fehezanteny aza izy dia tsy manova ny hevitra tian'ny fehezanteny ambara.

***Ohatra :*** **Manendy** **trondro** **vaventy** **ao an-dakozia** **i Soa**.
**EM** **RF** **ZP** **RF** **L**

→ Toetra ahalalana ny ZP ny tsy fahafahana mamadika azy ho L.

***Ohatra :*** rehefa navadika ho L ny teny « vaventy » dia tsy mety sady tsy mazava ny hevitra tiana ambara.

Vaventy no endasin'I Soa trondro ao an-dakozia.

Vaventy no anendasan'i Soa trondro ao an-dakozia.

Vaventy no manendy i Soa trondro ao an-dakozia.

*Tsoa-kevitra*

Noho izany, ireo teny rehetra **azo avadika ho L** izany no mitana ny anjara asa **RF**, fa izay **tsy mety avadika ho L** kosa no mitana ny anjara asa **ZP** ao anaty fehezanteny.

## Sahanasa 1

**Omeo ny anjara asan'ny teny misy tsipika eo ambaniny ao amin'ireto manaraka fehezanteny ireto.**

F1: Mandray andraikitra hatrany ny olona vonona.

F2: Mandrakotra lamba mafana ny marary izy.

F3: Manangona vato madinika ny mpanao trano.

F4: Misondrotra hatrany ny vidim-piainana ankehitriny.

F5: Miparitaka maneran-tany  ny valan'aretina « COVID-19 »

## Sahanasa 2

Avadiho ho L ny RF

F1: Mandrava ilay tamboho ao andrefan-trano ry zareo.

F2: Mitsinjo mandrakariva ny vahoaka ny mpitondra.

F3 : Manasa tanana amin'ny savony ny olona rehetra.

## Sahanasa 3

***Avaho ao anatin'ny tsanganana amin'ny fafana ny RF sy ny ZP ao amin'ny fehezanteny tsirairay***

F1: Nosokafan'i Soa midanadana ny varavaran'ny trano fandraisam-bahiny.

F2: Angalarin'ny dahalo ny omby ao am-bala.

F3: Zaraina amin'ny tra-boina voa mafy ny fanampiana rehetra azo.

F4: Nosoratana tao daholo ny anaran'ny olona rehetra tonga nanatrika ny fivoriana.

F5: Nanontaniany ireo olona nanatrika ny fety.

F6: Hankalazaina amin'ny volana Jona ny fetim-pirenena Malagasy.

| Fehezanteny | Renifameno (RF) | Zana-pameno (ZP) |
|---|---|---|
| F1 | | |
| F2 | | |
| F3 | | |
| F4 | | |
| F5 | | |
| F6 | | |